Manaraka lehilahy iray.

Mahagaga ny zavatra nataon'Andriamanitra teo aminay, fa misy foana ny olona manontany satria tsy fantany. Tsy diso akory ny fanontaniana raha amin'ny fieritreretana tsara no anaovana izany, fa ny Soratra Masina dia milaza *"Nohon'ny amin'ny fanontanian'izy ireo sy ny fisalasalany, dia tsy nanao fahagagana firy Jesosy tao Nazareta."* Fa rehefa niverina tao Nazareta Jesosy, dia nanomboka niteny izy ireo, *"Tsy fantatsika ve izy? Tsy teto ve izy no notezaina ary tsy fantatsika ve ireo ray aman-dreniny? Tsy zanak'ilay mpandrafitra ve io?"* Noho izany, satria izy ireo nijery ny lafiny ety ivelany, nahita azy tahaka ny olona fontsiny, dia vitsy ny asa mahagaga nataony teo anivony.

Ny Fanahy dia tsy hita maso. Isika *"tsy miady amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny hery sy ireo mpanapaka,"* araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Tahak'izany ihany amin'izao fotoana izao, raha tsy misy fanambaràna ara-panahy ny amin'ny fiasàn'andriamanitra amin'ny alalan'ny mpaminaniny, dia hametra-panontaniana ny olona, hoe nahoana no anararaka lehilahy iray isika. Ny fisainana ara-nofo, ny saina maha-olombelona, dia mandrakariva fahavalo manohitra an'Andriamanitra.

Toa misy fanontaniana efatra misongadina mandoto ny sain'ny olona momban'i Williama Branham. Ireo dia: Nahoana ianao no manaraka olona? Nahoana ianao no diso midera sy mankalaza loatra ny rahilahy tahak'izany? Nahoana nareo re olona no dia tena mahatoky ireo rakipeo? Ahoana ny momban'ny fahadisoana, sy ny lesoka nataon'i Rahalahy Branham? Ho valiako izany fanontaniana izany araka ny filaharany.

Raha misy olona manontany ahy hoe nahoana aho no manaraka io lehilahy io, dia hovaliako amin'ny fanontaniana hoe: Raha niaina tamin'ny andron'i Jesosy Kristy ianao, tamin'ny fotoana izay tsy nisy olona nahafatatra Azy, inona no mety nataon'izy ireo rehefa nandalo Jesosy ary nilaza, *"Araho aho."* Fa mety hoy ianao hoe, Imanoela izany, ilay Zanak'Andriamanitra. Marina, fa olona firy no nahafantatra izany rehefa niaza izany Teny izany Izy? Mazava ho azy, misy zavatra momban'io lehilahy io, zavatra mahasarika, izay nahatonga azy ireo nanaraka Azy, na dia tsy afaka nanazava an'izany ary îzy ireo. Fa nanaraka azy izy ireo, ary ny mpianatra dia nokianina mafy fa nanaraka lehilahy iray. Satria Izy dia lehilahy nitoeran'Andriamanitra.

Ao amin'ny 1 Korintiana 11:1, Paoly dia nilaza, *" Manaràha ianareo ahy, tahaka ny nanarahako an'i Kristy."* Nilaza ve ny Kristiana tamin'izany andro izany fa diso ny nanaraka an'i Paoly? Tsia. - raha tena Kristiana marina izy ireo ary nahafantatra hoe iza i Paoly? Fa ny karazan'olona ohatr'izany amin'izao fotoana izao, mifototra amin'ny finoan'izy ireo fa tsara ny nanarahan'y mpianatra an'i Kristy (Na dia olombelona ihany aza ny nahafantarany azy tamin'izany fotoana izany.), ary ny nanarahana an'i Paoly koa dia nety, kanefa amin'ny alalan'ny fiheverana tsy dia mazava loatra, dia hilaza fa diso ny fanarahana ny Rahalahy Branham – manaraka azy tahaka ny nanarahany an'i Kristy. Kanefa ireo olona ireo dia mandrisika ny hafa anaraka azy ireo. Ary avy eo izy dia hanaraka evanjelisitra iray, mpitoriteny iray, na ny Papa, mandray izay lazain'ny olona iray ary manaraka izany. Mandà ny hino zavatra hafa ankoatran'izay lazain'io olona io,ary dia hiodina izy ireo ary hiapanga anay fa diso ny fanarahanay ny Rahalahy Branham.

Ny sasany dia hanaraka vondron'olona ao anaty antokom-piangonana, izay ny zavatra rehetra dia

mifandray ary eo ambany fitsaran'ny fampianaran'ny antoko-piavavahan'izy ireo. Ny Baiboly dia milaza ao amin'ny Matio 24 fa raha tonga izy ireo hilaza aminao hoe, *"Jereo, aty Kristy, na ery; dia aza mino an'izany."* Diniho tsara io, fa hitan'i Jesosy ireo zavatra ireo amin'ny farany izay noheverina fa izy ireo no voalohany, milaza fa hisy vondron'olona hihidy anaty efitra hanohitra fampianarana sy dogma hilaza, *"Aty Kristy. Ity ny zavatra zonao hinoana. Milaza izao izahay – hinoanao izany. Hiety tsara ny momba anao, hiakatra any an-danitra ianao."* Fa ny Teny dia mitsangana ao amin'ny fampitandremana mangingina: *"Aza mino an'izany."* Ny Tenin'Andriamanitra dia mampiseho mazava tsara fa tsy mety avy amin'Andriamanitra izany, fa ny zavatra rehetra noresahin'Andriamanitra tamin'ny olona iray, dia tamin'ny olona iray ihany, fa tsy vondron'olona manao fivoriana ambadiky ny varavarana mihidy. Tsy izany ihany, izany lehilahy izany dia nomanina manokana tamin'ny andro-piainany rehetra, napetraka eo amin'ny toerana ahafahany miresaka, fa tsy ny azy manokana, fa *"Izao no lazain'ny Tompo."*

Ny sasany dia mampalahelo fa voafitaka amin'ny fanarahana ny fanambarana mahantra izay avy amin'izy ireo manokana, izay inoana fa feno fahadisoana, ary dia tsy afaka hanaraka ny hafatry ny Rahalahy Branham. Amin'ny ankapobeny, ny fanambaran'izy ireo dia tsy hoe tsy misy fototra fontsiny, fa manohatra ny ilay Tenin'Andriamanitra. Ohatra, ny Teny dia milaza *"Andriamanitra Tompontsika dia Andriamanitra iray."* Ankehitriny, ahoana no ahafahantsika manana fahitàna an'Andriamanitra telo, ary manantena izany fa lahatra avy amin'Andriamanitra? Ahoana no hisian'ny fanambaràna momban'ilay antsoina hoe telo izay iray (trinite) izay tsy voatonona akory ao amin'ny Baiboly, dia lazaina fa avy amin'Andriamanitra? Izany dia tsy inona akory fombandrazan'ny fiangonana Romana, tahaka ny Krismasy dia fomba ihany koa.

Rahalahy Branham dia nampianatra hoe nahoana ny Krismasy no tsy azo lazaina fa andro nahaterahan'ny Tompo. Kristy dia teraka tamin'ny fararano (anelanelan'ny ririna sy lohataona) "spring", tamin'ny taona nisian'nireo mpiandry ondry teo an-tsaha. Tsy teo amin'ny saha izy ireo ny Desambra. Avy aiza ary io fomba io? Ny fiangonana Romana no tompon'antoka amin'izany. Io dia natao fontsiny hampidirana ny fiarahan'ny fanompoan-tsampy sy ny Kristiana eo amin'ny sehatra mitovy. Rahalahy Branham dia nanazava izany tao amin'y toriteniny *"Christianity versus Paganism."* Maro loatra ny fanopoan-tsampy mifangaro amin'ny fomba Kristiana ka lasa tsy fantatry ny olona intsony ny mampiavaka an'izany, nampianarina azy ireo nandritra ny sivinjato sy arivo taona. Mba ahafahan'ny mpanompo sampy manaiky an'i Jesosy Kristy ho Zanak'Andriamanitra, dia tsy maintsy manana datin'andro nahaterahany izy ireo. Satria ny mpanompo sampy (pagans) dia efa nankalaza ny 25 Desambra, anisan'ny andro iray fohy indrindra ao anatin'ny taona, izay andro nahaterahan'ny andriamanitra masoandron'izy ireo; hoy izy ireo, "andriamanitra masoandro," na "Zanak'Andriamanitra" inona ary no mahasamy hafa an'izany?

Ny Paska ihany koa dia ohatra iray amin'ny fomban'olombelona nosoloina ny Tenin'Andriamanitra. Ilay teny dia avy amin'ilay andriamanitra vavy Babiloniana nantsoina hoe Ishtar, dia ilay tantarany momba ilay bitro majika izay namoaka atody miloko mampiseho "sex" sy fiterahana. Ny hevitry ny mpanompo sampy dia ny hampiaraka ny fankalazana Kristiana amin'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, ny antony dia mba ahazoan'izy ireo an'izany koa.

Ny mpanompo sampy dia mivavaka amin'ny andriamanitra masoandro, tany, ary ny volana. Ny hevitra momban'ilay Andriamanitra iray dia tsy maintsy natao izay niarahany tamin'ny fihevitry ny mpanompo sampy, noho izany dia nanao Andriamanitra telo izy ireo avy amin'ny lohateny voalaza ao amin'ny Telo izay Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Fa ny Jiosy dia tsy azon'izy ireo tamin'izany na oviana na oviana satria ny Teny dia milaza fa *"Andriamanitra Tompotsika dia Andriamanitra iray."* Elohima, ilay mandrakizay, misy, ilay ampy Iray izay mampiseho ny Tenany fa andriamanitra Ray tao amin'ny Andry

Afo, Andriamanitra ilay Zanaka tao amin'i Kristy, ary Andriamanitra ilay Fanahy Masina tamin'ny nandefasany ny Fanahiny amin'ny lelafo. Izany Andriamanitra izany ihany ao amin'ny asa telo, ilay Andriamanitra Tompontsika.Izany dia tsy ny fampianarana hoe Tokana, fa ny Baiboly izany.

Ny sasany manamafy fa misy fifanoherana ary milaza fa izay nolazain'i Jesosy no ataon'izy ireo noho izay nolazain'i Petera. Fahadisoan'izany, fa raha raisina ao anaty Baiboly ny Asa 2:38, dia mety haka hafa izay tsy tiany hinana koa ihany koa izy ireo. Ahoana no hinoan'ny olona fa marina sy araka ny tokony ho izy, mifanaraka amin'ny Baiboly sy ny fampianaran'i Jesosy ny fanaovana batisa *"amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina?"* Satria izay no nolazain'i Jesosy? Kanefa Jesosy dia nilaza fa ny famelan-keloka dia ho toriana amin'ny anarany – ny anaran'i Jesosy Kristy. Inona no anarana ety ambanin'ny Lanitra izay tsy maintsy hamonjena ny olona? Ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Ny Ray tsy anarana, lohateny izany. Izaho izao rain'ny zanako, vady ho an'ny vadiko, zanaka ho an'ireo ray aman-dreniko, fa izaho kosa dia olona iray mitondra ny anarana hoe Pearry Green. Ny anarako tsy Ray, Vady, na Zanaka. Dia tahaka izany ny amin'ilay Mpamonjy izao tontolo izao. Ary ny tena goavana, izany dia tsy maintsy amin'ny Ampakarina. Tsy maintsy manana ny Anarany izy. Vakiantsika ao amin'ny Apokalipsy fa ny zavatra voalohany nataon'izy ireo tao amin'ny fiangonana dia ny fandàvana ny Anarany. Nosafidin'izy ireo ny anarana lohateny satria ny fingonana Romana dia mila andriamanitra telo mba ampifanarahana izany amin'ny finoan'ny mpanompo sampy. Fa rehefa navoakan'i William Branham izany, nampisehoana tao amin'ny Soratra Masina, dia nolavin'izy ireo ary nilazany, *"Ny antoko-pivavahanay dia tsy mampianatra an'izany?"* Naleon'izy ireo niankina tamin'ny fampianaran'olombelona (dogma), nofinofin'olona, sy fanambarana, na fampianaran'olon-kafa ankoatran'ny Tenin'Andriamanitra voaporofo nentina avy amin'ny alalan'ny Mpaminaniny, ary voasoratra ao anaty Baiboly.

Fa raha hanontany ahy ianao raha manaraka lehilahy iray aho na tsia, ny valiny dia eny- satria nitondra ny Tenin'Andriamanitra izy "izao no lazain'ny Tompo." Nanontany izy ireo raha tsy dia miresaka firy momba azy aho. Tsia, tsy dia miresaka firy aho. Hitanareo tsy manome voninahitra ny maha olombelona an'i Rahalahy Branham aho, fa manome voninahitra an'Andriamanitra ao anatiny. Paoly ao amin'ny Galatiana 11:24, miresaka ny fomba nahitan'ny olona rehetra, ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra tamin'ny alalany, *"Manome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalako izy ireo."* Inona no atao hoe manome voninahitra an'Andriamanitra? Ny teny hoe "voninahitra" dia midika hoe voninahi-dehibe, rehereha na mari-pankasitrahana nahavita zavatra goavana na mendrika izany. Ankehitriny, amin'ny fialan-tsiny, dia milaza aminareo aho, fa izay nataon'Andriamanitra tamin'i Rahalahy Branham dia anisan'ny zavatra goavana sy lafo vidy indrindra nitranga tamiko. Nesoriny tamin'ny masoko ny fahajambana (fomban'ny olona) ary izy Tenany no niseho tamiko, mba ahitako sy hibanjinako ny fahitàna mahagagan'Andriamanitra teo anoloan'ny masoko.

Ny teny hoe vononahitra dia midika hoe atao be voninahitra, manome voninahitra, manandratra, ary manome haja, manao zavatra ho tsaratsara kokoa, metimety kokoa, manan-danja kokoa nohon'ny fiheverana azy. Fantatro fa ny Baiboly dia milaza ao amin'ny 1 Koritiana 10:31 fa *"Izay rehetra ataonao, dia ataovy ho amin'ny voninahitr'Andriamanitra,"* Fa tiako ho fantatrareo fa Andriamanitra dia ny Teniny. *"Tamin'ny voalohany ny Teny dia Andriamanitra ary ny Teny dia tao amin'Andriamanitra ary ny Teny dia Andriamanitra.... ary ny Teny dia natao nofo ary monina eo amintsika."* Jaona dia nahita an'Andriamanitra tamin'ny fomba telo samihafa raha lasa niha-lalina kokoa ny fanambarany – voalohany tahaka ny olona – avy eo ny Teny, ary avy eo tahaka ny Fahazavàna. Ny sasany dia milaza fa manao betsaka ny amin'izay nitranga izahay. Tsia raha avy amin'Andriamanitra izany. Azonao hasandratra mihoatra ny tokony ho izy ny olona, fa tsy azonao hasandratra mihoatra ny tokony ho izy Andriamanitra. Tsy misy fomba tsotr'izao ahafahan'ny olona manandratra an'Andriamanitra. Raha miteny zavatra iray Andriamanitra, dia asehony amin'ny

fanatanterahany an'izany, tsy misy ahatahorako ny mirehereha amin'izany.

Ny sasany dia milaza fa manao betsaka ny amin'izay nitranga izahay. Tsia raha avy amin'Andriamanitra izany. Azonao hasandratra mihoatra ny tokony ho izy ny olona, fa tsy azonao hasandratra mihoatra ny tokony ho izy Andriamanitra. Tsy misy fomba tsotra izao ahafahan'ny olona manandratra an'Andriamanitra. Raha miteny zavatra iray Andriamanitra, dia asehony amin'ny fanatanterahany an'izany, tsy misy atahorako ny mirehareha amin'izany. Fa raha tonga avy amin'ny alalan'ny lehilahy iray mitondra ny anarana hoe William Branham, dia homeko voninahitra Andriamanitra amin'ny alalany. Tsy hiala tsiny ny amin'izany aho, fa faly fontsiny aho fa afaka nahita ary malahelo aho fa ny hafa tsy afaka.

Indraindray aho dia manontany tena hoe nahana no izaho navelan'Andriamanitra ahita, kanefa izany no fomba nitrangany satria tena efa nofidiana mialoha izany. Jereo ireo andron'ny zanak'Israely tamin'ny Mosesy niditra teo amin'ny sehatra. Maro ireo lehilahy Israelita nalaza kokoa noho i Mosesy, fa nosafidian'Andriamanitra Mosesy mba ho izany lehilahy izany. Tsy misy olona manisy resaka amin'izao fotoana izao rehefa homena voninahitra ny anaran'i Mosesy; fantany fa tsy Mosesy no nanao izany, fa Andriamanitra tao amin'i Mosesy. Eny fa na dia ankehitriny aza ny zanak'Israely dia mbola tia ny anarana Mosesy, satria izy dia lehilahy nirahin'Andriamanitra tamin'ny androny. Tahak'izany ihany ankehitriny. Nilaza Andriamanitra fa haniraka iray manana ny fanahin'i Elia izay hanitsy sy hamerina ny zavatra rehetra amin'ny laoniny izay efa lasa tany amin'ny fahadisoana; Andriamanitra dia naniraka ilay olona nantsoina hoe William Branham, ary dia manome voninahitra an'Andriamanitra ao aminy aho.

Nanontany ny fahatokisanay izy ireo ao amin'ny rakipeo. Tonga tao amin'ny Tucson Tabernacle ny olona, nipetraka tamin'ny seza lava, ary vonona hiaino ny toriteny. Matetika dia apetrako eo amin'ny polipiotra ny fakàna feo; ny olona mandrakariva dia manana boky fakàna ny teny notenenina amin'ny toriteny eny an-tananan'izy ireo, ary Rahalahy Branham dia mitoriteny ao amin'ny rakipeo. Ny sasany dia tsy nanaiky satria lazainy fa efa maty ilay lehilahy; efa lasa izy, fa nitondra izy, ary mbola mitondra ny Tenin'Andriamanitra. Amin'ny hafa izany filazana izany dia mety hanaitra. Afaka naheno ilay fanontaniana aho, *"Andraso aloha, milaza ve ianareo fa ireo rakipeo ireo dia ny Tenin'Andriamanitra?"* Eny, izaho no milaza izany, fa tsy fantatr'izy ireo hoe nahoana aho no milaza izany. Navoaka isan'andro ireo zavatra natao printy avy amin'ny mpanompo sy evanjelisitra milaza fa ny azy ireo dia Tenin'Andriamanitra, fa tsy nanafintohina ireo izay nanontany anay izany. Inona ny Tenin'Andriamanitra? Ny Baiboly? Nahoana no nantsoina hoe Baiboly io? Nahoana no nantsoina hoe Soratra Masina io? Satria nosoratana tamin'ny tanana io tamin'ny voalohany, izay ihany. Fa ankehitriny ny teny hoe "SoratracMasina" dia lasa mitovy hevitra amin'ny teny hoe "Baiboly." Rehefa manaiky fomba fiteny iray isika fa Soratra Masina, dia lazaintsika fa mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Ny teny hoe "Baiboly" dia avy amin'ny teny grika "biblica" izay midika hoe fanambarana soratra. "Biblion" dia midika hoe "boky kely", "Biblios" dia midika hoe papyrus (zozoro), na horonan-taratasy. Fa ilay bokin'ny Kristiana misaraka izay antsointsika hoe ny Baiboly dia fitambaran'ny Tesmenta Taloha sy Vaovao. Ny Katolika Romana dia manana ny anaran'ny azy ireo manokana ho amin' ny bokiny izay anisan'izany ireo boky hafa izay antsoiny hoe Soratra Masina. Ny jiosy dia manaiky ny Testamenta Taloha fa Soratra Masina, ny Torah. Ny Silamo dia manaiky ny Koran. Ny Mormon dia manana ny bokiny manokana. Fa izy rehetra dia milaza izany ho Soratra Masina. Izany ny Baibolin'izy ireo.

Akory ny hagagàn'ny olona hanontany mba hahafantatra hoe boky inona no nahazoan'i Rahalahy Branham izany zavatra izany. (Tahaka ny hoe rehefa voarakitra ao anaty boky ny zavatra iray dia ho lavorary.) Ahoana no nahalalany ny toerana nitrangan'izany? Namaky boky maro aho fa tsy tahaka

izany! Ankehitriny, ny Jiosy manana lalàna, nosoratan'i Mosesy, ny boky dimy voalohany ao amin'ny Baiboly, ary ho valin'ny fanontaniana hoan'ireo te ahafantatra hoe taiza no nahazoan'i Rahalahy Branham izany zavatra izany, dia nanontany azy ireo aho, ahoana no nahalalan'i Mosesy fa noforonin'Andriamanitra tao anatin'ny enin'andro izao tontolo izao? Tsy tao izy? Avy aiza no nihavian'ny zavatra nahafahan'i Mosesy ny zavatra napetrany tao anatin'ireo bokiny? Nasehon'Andriamanitra azy izany, izay ihany. Nahoana? Satria izy Mpaminany.

Nitranga tahaka'izany ihany amin'izao androntsika izao. Hoy izy ireo, *"Fa ny zavatra rehetra efa ao anaty Baiboly daholo."* Tena marina izany, fa tsy azontsika ny zavatra rehetra ao anatin'ilay boky. Misy ireo misitery voalaza ao amin'i Daniela ohatra, izay tsy tsapan'ny olona; nilaza izy fa io dia hiseho amin'ny andro farany. Jaona ilay Mpanambara dia nahita zavatra tao amin'ny fahitàna izay tsy azony nosoratana akory; fa nolazainy fa haseho io amin'ny andro farany. Ahoana ary no hanehoan'Andriamanitra zavatra iray? Amin'ny alalan'ny fandefasany ny Teniny amin'ny mpaminany iray. Dia tahaka izany foana. Nanoratra tantàra Mosesy tany amboalohany – avy amin'ny alalan'ny fanambarana. Joba nanoratra ny zavatra niainany manokana. Davida nanoratra ny Salamo. Ireo mpaminany samihafa nanoratra ny zava-nitranga sy niainan'izy ireo tamin'ny fotoan'androny, ny fahitan'izy ireo. Izany rehetra izany no antsoina hoe Soratra Masina, ilay Tenin'Andriamanitra. Mety afaka nanaiky izany tsaratsara kokoa ary ve izy ireo tamin'ny andron'i, Jeremia ohatra? Sa, tsy maintsy navelan'izy ireo nijoro teo izany nadritra ny taona vitsivitsy? Matio, Marka, Lioka, Jaona dia nanoratra izay henony. Ao amin'ny Kolosiana 4:16, Paoly dia milaza ao amin'ny zavtra nosoratany, "Rehefa vakiana eo anivonareo ity epistily ity, dia ataovy izay hamakiana azy koa ao amin'ny fiangonana any Laodikia, ary tahak'izany ihany no hamakianareo ny epistily avy ao Laodikia." Raha fieritreretana iray ihany no nametrahana fanontaniana tamin' ny rakipeon'ny toritenin'i Rahalahy Branham izay Tenin'Andriamanitra, izay nitranga matetika tamin'ny andron'i Paoly, dia mety nanontany an'i Paoly mihintsy izy ireo hoe iza izy. Heverina fa mamaky ny epistily iray manontolo ao amin'ny fiangonana. Tena fahadalana! Manana ny pasitoranay izaahay, izany no mety nolazain'izy ireo; afaka mitondra ny hafatra ho anay izy.

Noho izany rehefa nanontany izy ireo hoe nahoana no mihaino rakipeo izahay ao amin'ny fivorianay, dia novaliako tsotra fontsiny hoe mila fanambarana izy ireo hoe iza izany ary inona no lazainy. Ary koa ao amin'ny 1 Tesaloniana 5:27, dia milaza Paoly, *"Mandidy anareo aho amin'ny anaran'ny Tompo mba hamaky ity epistily ity amin'ny rahalahy masina rehetra."* Nahoana? Satria izany dia *"izao no lazain'ny Tompo"* Ataovy an-tsaina fa mora ho antsika ny hanaiky izany ankehitriny, fa tamin'ny andro nanoratàna sy nanomezana izany, dia taratasy ihany izany, nosoratana lehilahy iray ho an'ny fiangonana. Tahak'izany ihany ny fahitana ny rakipeo izay toriteny ihany nataon'ny lehilahy iray ho an'ny mpivory, kanefa io dia ilay Tenin'Andriamanitra ho an'ny mpivory. Io dia *"Izao no lazain'ny Tompo."*
Iaraha-mahalala fa i Paoly dia nanoratra ny roa apaha-telon'ny Testamenta Vaovao; ary rariny loatra raha tsapanay fa izy ilay iraka voalohany. Izy ilay iraka ho amin'ny taom-piangonana Efesosy. Ny soratra nataon'i Paoly dia nampiasaina hamahana olana goavana. Eritrereto hoe ny diakona iray dia tsy maintsy nofidiana, inona no tsy maintsy traikefa takiana aminy? Ny valiny dia azo jerena ao amin'ny taratasy ho an'i Timoty, toko faha 3, *"Aoka ny diakona ho vadin'ny olona iray..."* Raha ilay noeritreretina ho diakona no tsy afaka mahafeno ny fepetra izay efa napetraky Paoly, ilay manam-pahefana, dia tsy azo ekena izy. Izany dia tena voafaritra mazava tsara.

Ka dia tahaka izany koa amintsika amin'izao fotoana izao izay manaraka ity irak'Andriamanitra ity ho amin'izao fotoana izao, voamarina tahaka an'i Paoly. Raha misy fanontaniana, dia afaka milaza aho, *"Andao isika ho ao amin'ny rakipeo ahitana ny valiny."*

Soratra Masina, tahirin-tsoratra, nitambatra no lasa Baiboly. Jaona ilay Mpanambara dia nanana fahitàna mahatalanjona tao amin'ny Nosy Patmosy, voasoratra ao amin'ny Baiboly, fa raha misy tahak'izany mivoaka amin'izao fotoana izao, ireo teolojiana lehibe sy filohana antokom-piangonana dia tena handà ny fanekena izany, ary dia tsy ho hitan'izy ireo ilay fanambaràna tsara indrindra. Jesosy dia nilaza fa ny Soratra Maina dia sy azo vakina, ary nantsoiny hoe Tenin'Andriamanitra. Tamin'ny fotoana iray Izy dia nilaza, *"Zahao ny Soratra Masina* (voasoratra ao amin'ny Testamenta Taloha) *satria amin'izy ireo no hieveranareo fa ahazoanareo fiainana mandrakizay."* Fa avy aiza ny Soratra Masina? Ao amin'ny 2 Timoty 3:16, ny Teny dia milaza, *"Ny Soratra Masina rehetra dia nomena avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, ary mahasoa ho fampianarana, ho fananarana, ho fanitsiana, ho filazàna ny fahamaharinana."* Ao amin'ny 2 Petera 1:20, dia mivaky toy izao, *"Fantatra mialoha fa tsy misy faminaniana ao amin'ny Soratra Masina avy amin'ny fandikàna manokana. Fa ny faminaniana taloha dia tsy tonga tamin'ny sitrapon'olombelona: fa ireo lehilahin'Andriamanitra nilaza araka ny nitondran'ny Fanahy Masina azy ireo."*

Amin'izao ny olona maro dia miresaka izay tsy notarihan'ny Fanahy Masina mba hireasaka. Ary maro ireo milaza fa mino ny hafatry ny Rahalahy Branham kanefa ny zavatra azony porofoina dia ny fahafahany mihaino ny rakipeo sy ny fahafahany mamaky. Raha tena mino izy ireo, dia ampihariny izay henony. Mandà ny hiaino mpitoriteny mitory ny hafatra izy ireo, rehefa nasain'ny mpaminany hitory ireo mpanompo ary nohamasininy mba hanao izany. Ary ny Teny milaza, *"Noho izany ny finoana dia avy amin'ny fihainona, ary ny fihainona avy amin'ny Tenin'Andriamanitra."* Dia ahoana ary, *"Ahoana ny fomba hiainon'izy ireo raha tsy misy mpitoriteny? Ary ahoana no hitorian'izy ieo teny raha tsy nirahina?"* Raha milaza izy ireo fa tsy ilaina ny mpitoriteny, dia tsy tena nahare ny mpaminany tsara izy. Ohatra, misy olona sasany, maheno ny mpaminany nilaza fa ny fanabeazana (education) dia avy amin'ny devoly, eono eo ihany dia esoriny hiala ao an-tsekoly ny zanany. Fa tsy nilaza izy ny hanao izany, na nanao izany tamin'ny zanany.

Amosa 3:7 dia milaza, *"Tena marina fa ny Tompo dia tsy hanao na inona na inona, fa Izy mampiseho ny tsiambaratelony amin'ny Mpanompony dia ireo mpaminany."* Izany ny làlan'Andriamanitra rehefa hamoaka ny tsiambaratelony – amin'ny alalan'ny Mpaminaniny. Fa raha tsy izany, ho levona ny Soratra Masina kanefa Jesosy nilaza fa tsy ho levona ny Soratra Masina. Izany no mahatonga ahy hilaza fa ireo rakipeo no epistilinay ho an'izao fotoana izao. Mirakitra ny toromarikay izy ireo, alàlana, marika ahafantarana, fanoroana, notenenina tsy avy amin'ny sitrapon'olombelona, fa avy amin'ilay lehilahy masina teo ambanin'ny osostry ny Fanahy Masina. Ireo rakipeo ireo dia mirakitra ny fahitàna sy zavatra niainana izay mitondra ny *"izao no lazain'ny Tompo"* Ho an'ny Ampakarina. Nilaza izy fa tokony hiaino ny rakipeo isika. Nambarany fa ireo dia ny Hafatra. Kanefa ny fanontaniana dia nipetraka, nahoana no lehilahy iray no mirehareha amin'ny finoany fa izay lazainy dia ny Tenin'Andriamanitra. Ny valiny marina dia, tahaka izay nataon'i Paoly. Paoly, rehefa teo ambony sambo, nitodika tamin'ilay kapiteny ary niteny, *"Aza avela hisy hila amin'ny sambo na iray aza, satria ny Anjelin'ny Tompo nitsangana teo anilako no nilaza tamiko fa ho avotra daholo isika fa ho fefika kosa ny sambo."* Izany dia manohitra ny fitsarana maha-olombelona, fa hoy Paoly *"izao no lazain'ny Tompo."* Ary dia nifikitra tamin'izany izy na dia nihatra tamin'ny ainy aza. Tian'izy ireo ho
vonoina ireo gadra fandrao misy tafatsoaka ary dia noraran'i Paoly izy ireo tsy hanao izany, fantany fa manohitra ny Tenin'Andriamanitra izy ireo raha nanao izany.

Marina fa nahatoky tena Paoly, fa nisy fahalarinany izany. Teo anoloan'i Agripa Mpanjaka, dia nahatoky tena Paoly, nandresy lahatra hatrany fa izay tao aminy dia marina, ary nilazany, *"Ary hoy Paoly: Mangataka amin'Andriamanitra aho, fa na amin'ny mora, na amin'ny sarotra, tsy ianao ihany, fa izay rehetra mandre ahy anio, dia hitovy amiko, afa-tsy amin'ireto gadra ireto ihany."* Izany koa dia tsy fanamarinan-tena; fa fontsiny hoe marina ny azy. Izany fandresen-dahatra izany no nahatonga azy

nitsangana tao Jerosalema ary nilazany, *"Manaraha ahy, tahaka ny nanarahako an'i Kristy."* Fantany fa hisy hafa ho avy hanana fanambarana ihany koa, noho izany dia nanoratra tao amin'ny Galatiana 1:8 izy, *"Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy* izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona** izy. [* Na: manohitra] [** Gr. anatema]"* Toy izany no nametrahany ny fiarovana eny fa amin'ny tenany aza, dia ny fanovana izay nolazainy. Fantatr'io lehilahy io izay noresahany. Fantany fa ilay Andriamanitra tsy miova no notompoiny ary nomen'Andriamanitra azy ny Teniny.

Nilaza tamiko Rahalahy Braham indray andro, *"Rahalahy Pearry, raha milaza aminao aho 'izao no lazain'ny Tompo' ka tsy mitranga izany araka ny nilazako azy, dia mbola hiaino ahy ihany ve ianao!"* Nilaza izy fa ny tenany mihintsy no niditra tao anatin'izany. Noho izany dia tsy Rahalahy Branham no miresaka, fa lehilahy masina eo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra mitondra ny hafatra momban'ny misiterin'ny Ampakarina.

Paoly, ao amin'ny 1 Koritiana 14:37, dia nanoratra, *"Raha misy manao azy ho mpaminany, na ho manana fahaizam-panahy, dia aoka ho fantany tsara fa didin'ny Tompo ny teny izay soratako ho aminareo."* Noho izany raha misy lehilahy tonga androany milaza fa mpaminany izy, dia tsotra ihany ny hitsapako azy, hanontaniako tsotra izy raha mino an'i Rahalahy Branham ho mpaminany manana ny fanahin'i Elia, ary rehefa fantatro fa manana fahalalana fototra ahazoana izany izy, raha mandà izy ary miala, dia tsy izay noheveriny momban'ny tenany izy. Afaka milaza izy hoe izany izy, fa ny mpaminany dia tsy mandà ny Teny ao anatin'ny fialonana. Tsaroako i Grandad Marconda, nanao ahoana ny nampiasan'Andriamanitra azy sy ny vadiny nanerana ny firenena teo anivon'ny Italiana, fa raha vao nandre ity hafatra ity izy, dia hoy izy *"Izany ilay mpaminany."* Nisy olona nanaraka azy, fa nanontany azy ireo tsirairay izy tamin'ny fotoana mahamety, *"Efa henonareo ve ny mpaminanin'Andriamanitra?"* Tsy misy fialonana amin'izany. Raha milaza izy ireo *"Miteny avy amin'ny alalako Andriamanitra,"* dia tokony tsy hialona izy ireo raha miresaka amin'ny alalan'ny olon-kafa ihany koa Andriamanitra.

Zava-dehibe ny mitoetra ao amin'ny Teny entin'ny iraka.Henoko izy ireo miteny, *"Ka i Rahalahy Branham nanao fahadisoana."* (Tamin'ny voalohany dia nilaza ny mpaminany, *"Raha tia ahy ianareo dia hiantso ahy hoe Rahalahy Branham.")* Milaza izy ireo fa misy mifanohitra, fa izaho tsy mahita an'izany. Manontany tena aho raha izany fifanoherana izany dia ao amin'ny Teny. Ohatra, Matio 28:19 dia milaza *"Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina,"* fa ny Asa 2:38 milaza fa *"Jesosy Kristy"* Fifanoherana ve izany? Tsia, tsy fahampiana fanambarana izany.

Tsy misy fifanoherana ao amin'ny Baiboly, fa ny tsy fahampian'ny fanambarana amin'ny olona. Ny olona maka ny andininy izay milaza, "Aza mieritreritra ny fiainanao, izay ho haninao, ...Jereo ny lisy eny an-tsaha,... Ary lazaiko aminao fa na i Solomona tao amin'ny voninahiny aza tsy nitafy tahaka ny iray tamin'ireny," dia lasa nahantra izy ireo (clochards) Fa avelao izy ireo hamaky koa izay voalaza, "Mandehana any amin'ny vitsika, ianao kamo; jereo ny fanaony ary hendre," ilay fifandanjana. Ohabolana 26:4 sy 5 dia misy ohatra tsara tahaka ny fifanoherana ao min'ny Tenin'Andriamanitra. Ny andininy faha efatra milaza, "Aza mamaly ny adala amin'ny adalany, fandrao ianao tahaka azy" Ary ny andininy faha diny, "Valio ny adala araka ny fahadalany, fandrao ho hendry amin'ny fieboebony izy." Fifanoherana ve izany? Tsia, izany dia fanambarana amin'ny fomba mety sy tsy mety ny amin'ny adalàna ao amin'ny fahadalàna.

Tahak'izany, tsy misy fifanoherana ao amin'ny hafatry Rahalahy Branham. Na dia amin'ny toerana iray aza. Fa misy anefa olona, tsy mahazo izay tiany bho lazaina. Mifandanja ny Soratra Masina. Mifandanja ny hafatra. Tamin'ny nilazao voalohany an'i Rahalahy Branham, "Tompoko", hitako fa

mpaminany manana ny fanahin'i Elia ianao ao aminao," dia namaly izy, "Rahalahy Pearry, ataovy ao amin'ny Soratra Masina ny fandanjanao."

Ho ahy, ny hafatra dia fahefana ara-panahy; na dia sarotra tamiko ny nandray izany ho Soratra Masina, satria tsy voasoratra taoa amin'ny soratra. Dia tsy nanana fisalasalan aho ny nilaza izany "izao no lazain'ny Tompo" Izay no mahatonga hiteny fa Tenin'Andriamanitra io.

Ny sasany matahotra satria fantatr'izy ireo fa mampitandrina ny Teny momban'ny fanalana sy fanampiana ny Baiboly, kanefa, tsy tokony natahotra izy ireo, satria ny hafatry ny Rahalahy Branham dia tsy nanan-tsiny ny tamin'izy roa ireo. Nanantateraka an'izanyio (satria ny teny mihintsy no milaza fa izany no amin'ny andro farany.) Niseho ny Hafatra ary" ireo izay manana maso afaka hijerena dia ahita, ary tsy ny olona rehetra no aheno izany, satria hilaza fandikàna amin'ny maha olombelona izy ireo amin'ny fanambarana ara-panahy, vokatr'izany dia tsy ahita izy ireo, na haeno izay nataon'Andriamanitra amin'ity taranaka ity.

Raha manataka olona iray aho, Rahalahy Branham, tahaka ny nanarahany an'i Kristy, ary dia manome voninahitra an'Andriamanitra aho ny aminy ary milaza aho fa izay nentiny ho amin'ity taranaka ity dia ny Tenin'Andriamanitra ho an'ny Ampakarina.

http://www.believersnewsletter.org

Translation.info.bnl.ministries@gmail.com